


Fepetra Efatra

Aoka isika hanatona ny Toerana Masina Indrindra.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra
Dries Du Plessis Derek Prince

Araka ny Hebreo 10:22, ny olona iray dia tsy maintsy mahafeno fepetra efatra mba hanatonana ny toeram-pamindram-po sy ny seza fiandrianana ao amin’ny Fitoerana Masina Indrindra. Voalohany, tsy maintsy manana “fo marina” ny olona iray; faharoa, tsy maintsy manana “fahatokiana fenon’ny finoana” ny olona iray; fahatelo, ny fon’ny olona iray dia tsy maintsy “ manana fo voadio [azy] ho afaka amin’ny fieritreretana meloka”; ary, faha efatra, ny vatana dia tsy maintsy “voasasa amin’ny rano madio”. Andeha hojerentsika fohifohy ny tsirairay amin'ireo.

Ny fo marina: Manatona an’Andriamanitra amin’ny fontsika isika, fa tsy amin’ny lohantsika. Andriamanitra dia tsy mamaly ankamantatra ara-tsaina, fa hihaona amin'ny fo mitady ny, fahitsina Izy. Tsy maintsy tonga tsy misy fihatsarambelatsihy isika, ka mampiharihary ny tenantsika amin’Andriamanitra toy ny tsy misy afenina na inona na inona.

Fahatokiana feno ny finoana: Hoy ny Hebreo 11:6:

> "Fa raha tsy amin'ny finoana, dia tsy misy azo atao hahazoana sitraka aminy (Andriamanitra,) fa izay manatona an'Andriamanitra dia tsy maintsy mino."

Tsy maintsy tonga amin’ny finoana tanteraka ny fahatokian’Andriamanitra isika —fa tsy ny finoana ny fahaizantsika manokana na ny fahamarinantsika.

Voafafy hiala amin’ny feon’ny fieritreretana meloka ny fontsika: Ny feon’ny fieritreretana meloka vokatry ny fanaovan-dratsy, sy ny fahotana. Kanefa amin’ny alalan’ny famafazana ny ran’i Jesosy, dia mahazo toky isika fa voavela ny asa ratsy ary madio amin’ny ota ny fontsika.

Voasasa tamin’ny rano madio ny tenantsika: Milaza ny 1 Jaona 5:6 i Jesosy dia avy tamin’ny rano sy ny ra. Ao amin’ny Hebreo 10:22, dia hitantsika ireto singa roa ireto: ny ra izay afafy dia hialana amin’ny fieritreretana ratsy ary ny rano izay manasa ny tenantsika. Mino aho fa ny rano dia maneho ny batisa Kristiana. Ao amin’ny Testamenta

© 2008 - Dries Du Plessis

Vaovao, ny batisa Kristiana dia midika hoe fizarana amin’ny fahafatesana, ny fandevenana, ary ny fitsanganan’i Jesosy Kristy tamin’ny maty. Noho izany, àry dia Jesosy no “làlana vaovao sady velona” resahin’ny Hebreo 10:20. Tokony fantatsika amin’izay rehetra Niaretany rehefa Izy maty noho ny fahotantsika sy nitsanganana indray.

Misaotra Anao, Tompo ô, fa afaka manatona Anao amin’ny ran’i Jesosy aho. Manambara aho fa tonga amin’ny fo mahitsy aho, amin’ny fahatokiana feno finoana, amin’ny fo voafafy hiala amin’ny fieritreretana meloka, ary ny tenako nosasana tamin’ny rano madio. Hanatona ny Fitoerana Masina Indrindra aho,amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-318-MLG

Nohavaozina farany: 16 Nov 2026

Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

